SATA MIFEHY NY ANCESM

Association Nationale du Commerce Equitable et Solidaire de Madagascar

Fikambanana Nasionaly Malagasy, momba ny Varotra ara-draraniny Ifampiatohana

Malagasy Fair Trade National Organisation

BP 9041-A Malaza Andoharanofotsy
Tél: 020 22 570 96
info@ancesm.org
www.ancesm.org

FIZARANA I – FANANGANANA SY FOIBEN-TOERANA

Andininy voalohany : Anaran'ny Fikambanana

Natsangana ny Fikambanana mitondra ny anarana hoe :
«**Association Nationale du Commerce Equitable et Solidaire de Madagascar** » afohezina amin'ny teny hoe **ANCESM** na «**Fikambanana Nasionaly Malagasy, momba ny Varotra ara-drariny Ifampiatohana** ».

Fikambanana Nasionaly, mifanaraka amin'ny Didy Hitsivolana laharana faha-60.133 tamin'ny O3 Oktobra 1960, mamaritra ny sata ankapoben'ny fampijoroana ny Fikambanana eto Madagasikara sy ny araka ny Didim-panjakana laharana faha-60.383 tamin'ny 05 oktobra 1960 .

Sady tsy manao no tsy miankina amin'ny antoko politika, na antoko-pivavahana ary tsy manavaka ara-pihaviana, na ara-pirazanana ny Fikambanana .

Andininy faha 2 : Foiben-toerana misy ny Fikambanana

Ao amin'ny **BP 9041-A, Malaza Andoharanofotsy, Kaominina Andaharanofotsy Antananarivo 102,** Faritra Analamanga no toerana misy ny foiben'ny Fikambanana. Azo afindra toerana araka izay fanapahan-kevitry ny Fivoriambe.

Andininy faha 3 : Faharetan'ny Fikambanana
Tsy voafetra ny faharetan'ny Fikambanana raha tsy misy fandravana araka ny lalàna sy araka ity Sata mifehy ity.

FIZARANA FAHA II – TANJONA KENDRENA/ FOTO-KEVITRA IJOROANA/ SEHATRA IASANA

Andininy faha 4 : Tanjon'ny Fikambanana
« Ny Fikambanana Nasionaly ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana » dia Fikambanana tsy mizara tombontsoa

Ny tanjon'ny Fikambanana Nasionaly dia :
- Miantoka ny fanarahamaso sy ny fanajana ny **fitsipiky** ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana mba hitandrovana hatrany ny hasina sy ny Soa toavin'ny Fikambanana
- Manangona ireo vondron-kery ao anatin'ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana
- Manome fanamarinana ireo mpikambana izay manaja ny masontsivana sy ny fepetra'ny Varotra ara-dRariny ifampiantohana
- **Mandray anjara amin'ny fananganana ny** rejisitry ny fikambanana izay ao anatin'ny sehatry ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana eto Madagasikara
- Mampiroborobo ny sehatra Varotra ara-dRariny Ifampiantohana eto Madagasikara
- **Mitantana ny « Label CES» na Mariky ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana ho an'ny fikambanana**

- **Mandray anjara amin'ny fandrindràna** ny asa rehetra mifandraika amin'ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana na miaraka amin'ny mpiray ombonantoka avy any ivelany
- Miantoka ny fiarahamiasa miaraka amin'ny mpiray ombonantoka avy any ivelany izay ao anatin'ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana
- **Miantoka ny fandridrana ny asan'ireo mpikambana eo amin'ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana sy ny Fizahantany ifanohanana.**
- **Ny fanajàna ny fitsipiky ny varotra ara-drariny dia mahakasika ihany koa ny fanajàna ny fitsipiky ny fambolena ara-biolojika**

Andininy faha 5 : Fepetra fototra ijoroan'ny Fikambanana

Ny Fikambanana dia mandala ireo fitsipika fototry ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana izay voalazan'ny dinan'ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana eto Madagasikara

Fitsipika:

- Fahatsaran'ny endriky ny fifanakalozana eo amin'ny mpamokatra sy ny mpanjifa ao anatin'ny fifandraisana mivantana, maharitra ary mangarahara
- Fanajana ny mangarahara tanteraka ao amin'ny fampandehanan-draharaha ary koa famporisihana ho amin'ny fandraisana anjaran'ny rehetra amin'ny fandraisana andraikitra
- Fanomezan-danja ny kalitaon'ny vokatra
- Fiantohana sy fanomezana karama antonony sy sahaza ireo mpamokatra
- Fanokanana ampahany amin'ny tombony ho amin'ny asa sosialy sy famokarana eny an-toerana.
- Fandavana, ny endri-pitsetsefana rehetra eo amin'ny sehatry ny asa sy eo amin'ny fampiasana ireo zaza tsy ampy taona, amin'ny alalan'ny fanajana ny lalàna mifehy ny zon'ny olombelona
- Fandraisana anjaran'ny rehetra amin'ny fanapahankevitra
- Fanajana ny fitovian-jon'ny lahy sy ny vavy
- **Fampiroboroboana sy fiarovana ny tontolo iainana ho fanatsaràna azy**

Andininy faha 6 : Sehatra iasan'ny Fikambanana

Ny sehatra iasan'ny Fikambanana dia mahasahana indrindra ireto seha-pihariana manaraka ireto :

- Ny asa tanana (avy amin'ny zava maniry, landy, lamba sy ny peta-kofehy, vato, taolana, vy fotsy, hazo, hoditra, avy amin'ny tanimanga, tefy firavaka,...)
- Ny fambolena sy ny loha-menaka,
- Ny Fiompiana sy ny jono
- Ny vokatra voahodina avy amin'ny fambolena sy fiompiana
- Fizahan-tany Ifanohanana / maharitra

FIZARANA FAHA III - NY FIRAFITRY NY FIKAMBANANA

Andininy faha 7 : Ny mpikambana
Ireo fikambanana mpamokatra, kaoperativa, orinasa madinika mirona ho amin'ny fampandrosoana, ...avy eto Madagasikara sy avy any ivelany, ka manaiky **ny fitsipika** voasoratr'ity Sata ity ary mahafeno ny fepetra fototry ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana mandritra ary tao aorian'ny tombana dia afaka miditra ho mpikambana avokoa.

Ny Fikambanana nasionaly dia mitsinjara ho :
- Ny mpamokatra, Ny fikambanan'ny mpamokatra miorina ara-panjakana (mpanao asa tanana, mpamboly, kaoperativa,…)
- Ny mpanondrana entana any ivelany,
- Ny mpanafatra entana,
- Ny toeram-pivarotana.
- Ny mpiray ombon'antoka izay voafehin'ny fifanaraham-piaraha miasa ny fifandraisana

Andininy faha 8 : Ny fidirana ho mpikambanana
Ny fidirana ho mpikambana dia malalaka sy an-tsitrapo ary amin'ny alalan'ny fangatahana an-tsoratra izay alefa ao amin'ny Sekretera teknika. Ity farany no manao ny tombana amin'ny fanarahana ny **fitsipiky** ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana. Ary manaiky na mandà ny fangataham-pidirana mandra-pahatongan'ny Fivoriam-be manaraka. Ny fanapahan-kevitra mikasika ny fandavana hampiditra ho mpikambana dia azo anomezam-panazavana fa tsy voatery handalo Fivoriam-be.

Ny olona misolotena ny fikambanana fototra eo amin'ny Fikambanana nasionaly dia voatendry an-tsoratra ara-dalana avy amin'ny fivoriam-ben'ny fikambanana fototra.

Andininy faha 9 : Fialana tsy ho mpikambana sy fanalana
- Ny fialana tsy ho mpikambana dia malalaka ary antsitra-po
- Ny fanesorana tsy ho mpikambana kosa dia ambaran'ny Fivoriam-be. Izany dia mety ho vokatry :
  - ny fanaovan'ny mpikambana tsinotsinona na tsy firaharahana ny soa toavin'ny Fikambanana Nasionaly sy ny fepetra mifehy ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana
  - ny tsy fandoavana ny latsakemboka roa (2) taona mifanesy ary tao aorian'ny fampatsiahivana in-telo (in-3).
  - Ny faharavan'ny fikambanana fototra
  - Ny tsy famonjena Fivoriam-be in-droa (2) mifanesy ka tsy misy antony mazava

- Ireo mpikambana voakasiky izany dia ampanatsoana mba hanome fanazavana manokana.

Andininy faha 10 : Zon'ny mpikambana
Ny mpikambana dia manana zo :
- Hanatrika ny Fivoriam-ben'ny Fikambanana
- Hifidy an-kalalahana

- Hilatsaka hofidiana an-kalalahana amin'ny fifidianana rehetra atao ao amin'ny fikambanana afa-ts'ireo izay voafetran'ny sata mifehy ny fikambanana
- Heneho hevitra ho fanatsarana ny asan'ny Fikambanana
- Hisitraka ny vokatry ny asan'ny Fikambanana
- Hahazo vaovao mitovy mikasika ny fivoaran'ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana eto Madagasikara sy maneran-tany amin'ny alalan'ny asa ataon'ny Fikambanana ary amin'ny alalan'ny radio, taratasy, tranok'ala,...

Andininy faha 11 : Adidy sy andraikitry ny mpikambana

Ny mpikambana dia manana adidy :
- Handray anjara amin'ny asa rehetra ataon'ny Fikambanana
- Hanaja ny **fitsipika** mifehy ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana.
- Hanaja ny sata mifehy ny Fikambanana
- Hanaja ny fitsipi-piainan'ny Fikambanana sy ny fitsipika anaty mifehy ny Fikambanana
- Hiaro ny mari-pamantarana amin'izay mety ho fampiasana azy tsy ara-dalana

FIZARANA FAHA IV – FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA SY RAFITRA APETRAKA EO ANIVON'NY FIKAMBANANA

Andininy faha 12 : Ireo rafitra misy eo anivon'ny Fikambanana :

- Ny Rafitra mpanapakevitra : Fivoriam-be
- Ny Rafitra mpitantana : Filan-kevi-pitantanana
- Ny Rafitra mpanatanteraka : Sekretera teknika
- Ny Rafitra mpanaramaso

Andininy faha 13 : Ny Fivoriam-be

Ireo solotena avy amin'ny fikambanana tsirairay no ao anatin'ny Fivoriam-be.

Izy no rafitra fara-tampony amin'ny fanapahan-kevitra eo anivon'ny Fikambanana. Ny Fivoriam-be no mamaritra ny lalan-kizorana ilaina amin'ny fanatanterahana ny tanjon'ny Fikambanana.

Ny mpikambana tsirairay dia manana vato iray ihany ary vato roa raha nahazo fisoloantena ara-dalana izy.

Ny solotenan'ny mpanohana ara-bola sy ara-teknika ary koa ireo mpiara miombon'antoka hafa dia afaka asana hanatrika ny Fivoriam-be. Ny tatitra isan-taonan'ny asa vita sy ny vola nampiasaina dia omena ireo mpikambana tsirairay ary alefa any amin'ny mpiara miombon'antoka raha misy ny fiaraha miasa.

Ny fivoriam-be dia azo atao amin'ny faritra rehetra iadidian'ny Repobika malagasy

Andininy faha 14 : Ny Fivoriam-be Ara-potoana

Ny fivoriam-be ara-potoana dia misy in-dray (1) isaky ny taom-piasana, farafahakeiny, ary amin'ny telovolana faharoa amin'ny taona no hanaovana izany.

Dimy ambin'ny folo andro alohan'ny fotoana voatondro hivoriana fara faha tarany dia ampiantsoan'ny Filan-kevipitantanana ny mpikambana rehetra. Ny laha-dinika dia efa voafaritra ao anatin'ny fampiantsoana.

Ny "quorum" ho an'ny Fivoriambe Ara-potoana dia feno rehefa tonga ny antsasamanilan'ny Mpikambana. Ny fanapahankevitra kosa dia ekena rehefa ny 50%+1'ny mpikambana tonga manatrika no mandany azy. Raha mitovy ny isan'ny latsa-bato, dia ny hevitry ny fioha no manan-danja

Raha tsy feno ny « quorum » dia mampiantso Fivoriam-be faha roa indray ny Filan-kevi-pitantanana ka mielanelana 15 andro izany ary na firy na firy no isan'ny mpivory tonga dia manankery avy hatrany ny hevitra tapaka.

Andininy faha 15 : Ny asan'ny Fivoriam-be Ara-potoana

Ny Asa atao mandritry ny Fivoriam-be ara-potoana dia :

- Fankatoavana ny drafitr'asa mandritry ny taona izay novolavolaina ary natolotry ny Filan-kevipitantanana
- Fankatoavana na fandavana ny tatitry ny asa vita sy ny vola nandritra ny taom-piasana teo aoha. Izay naroson'ny Filankevi-pitantanana
- Fankatoavana ny fidiran'ny mpikambana vaovao
- Famaritana ny tanjon'ny Fikambanana mandritra ny taona hiasana vaovao
- Fankatoavana na fandavana ny teti-bola ho amin'ny taom-piasana ho avy izay natolotry ny Filankevi-pitantanana
- Fifidianana ireo ho mpikambana vaovao ao amin'ny filankevi-pitantanana raha toa ka efa lany ny fe-potoana niasan'izy ireo.
- Fankatoavana ny Fitsipika anatin'ny Fikambanana izay novolavolain'ny Filankevipitantanana
- Ny fanombanana na famindrana ny fananan'ny Fikambanana

Andininy faha 16 : Ny asan'ny Fivoriam-be Tsy ara-potoana

Raha ilaina dia afaka ampanatsoina amin'ny Fivoriam-be tsy ara-potoana ny mpikambana ary dimy ambiny folo (15) andro fara faha keliny ny fe-potoana hiantsoana azy ireo

Ireo asa atao mandritra ny Fivoriam-be tsy ara-potoana dia :

- Manova sy manitsy ny sata sy ny fitsipika anaty mifehy ny Fikambanana
- Fandravana ny Fikambanana
- Fiaraha-miasan'ny fikambanana amin'ny fikambanan hafa
- Ireo fanapahan-kevitra rehetra tsy tafiditra ao amin'ny fahefah'ny Fivoriam-be ara-potoana.

Ny « quorum » ho an'ny Fivoriambe tsy ara-potoana dia tratra rehefa nahafeno 50%+1 'ny mpikambana no tonga mivory. Ny fanapahan-kevitra dia manankery rehefa eken'ny ¾ - n'ny mpikambana tonga manatrika ny fivoriana.

Andininy faha 17 : Ny Filankevi-pitantanana

Ny Fikambanana dia tantanan'ny Filankevipitantanana izay misy mpikambana sivy (9) :

- Solotena enina (6) avy amin'ny mpikambana izay nofidian'ny Fivoriam-be
- Solotena iray (1) avy amin'ny mpanorina ny fikambanana (ONG Reggio Terzo Mondo)
- Solotena 2 avy amin'ireo vondrona mpanohana izay nofidian'ny Fivoriam-be

Ny olona ao amin'ny fiàn-kevi-pitantanana dia olona voafidin'ireo mpikambana, ka

- Filoha 1 sy ny Filoha lefitra, izay fidiana amin'ny latsabato miafina ataon'ny Fivoriambe
- Ny mpikambana hafa izay fidiana amin'ny fampifidianana anaty

Raha misy ny fanafoanana ny fahefana, na ny fametraham-piàlan'ny mpikambana iray ao amin'ny filàn-kevi-pitantanana tao amin'ny vondrona nisy azy, na koa misy ny fahafatesana, dia **mivory ny eo anivon'ny filàn-kevi-pitantanana manendry izay ho solony arak'izay efa voalaza ao amin'ny fitsipika anatiny.**

Ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana dia tokony olona tsy mbola voasazin'ny lalàna. Fidiana amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina izy ireo.

Andininy faha 18 : Fitsinjaran'ny Filankevi-pitantanana

Mitsinjara ho toa izao izany :

- Filoha 1
- Filoha lefitra 1
- Mpitantsoratra 1
- Mpitahiry vola 1
- Mpanolontsaina 5

Ireo vondrona mpanohana vahiny dia tsy afaka manolotra filoha.

Ny filoha dia tsy maintsy mizàka ny zom-pirenena Malagasy.

- Ny Filoha sy ny filoha lefitra dia fidiana mandritra ny Fivoriam-be Ara-potoana.
- Ireo mpikambana hafa dia fidian'ireo ao amin'ny Filàn-kevi-pitantanana ihany.

Raha misy ny fandroahana na fialàna na fahafatesan'ny mpikambana iray ao amin'ny fiàn-kevi-pitananana tao amin'ny fikambanan nisy azy dia tsy mpikambana ao amin'ny fiàn-kevi-pitantanana intsony izy.

Andininy faha 19 :
Ny faharetan'ny fotoam-piasan'ny Filankevipitantanana dia faritana ho telo (3) taona.
Ireo Mpikambana dia azo averina fidiana fanin-droany. Tsy voakasik'izany kosa ny vondrona mpanohana sy ny RTM. Ny Filoha dia afaka manome fahazoam-pahefana ny Filoha lefitra raha manaiky.

Ny Filan-kevipitantanana dia mivory farafahakeliny indray mandeha isaky ny telo volana ka ampanatsoan'ny Filoha izy amin'izany. Afaka mivory ihany koa izy raha angatahin'ny (1/3)

iray ampahatelon'ny mpikambana. Ny fanapahankevitra dia ekena rehefa lanin'ny mihoatran'ny atsasamanilan'ireo mpivory. Raha misy fitoviana dia ny filoha no misafidy farany.

Raha misy ny tsy fahatongavan'ny mpikambana iray dia afaka manondro mpikambana iray hafa izy handimby azy. Ny mpikambana iray dia tsy afaka misolo tena afa-tsy mpikambana iray ihany.

Andininy faha 20:

Ny faharetan'ny taom-piasan'ny Fikambanana dia 365 andro izay manomboka ny andro voalohan'ny taona ka mifarana ny 31 Desambra.

Ny fampandehanan-draharahan'ny Filankevi-pitantanana sy ny Fikambanana dia voafaritra ao amin'ny Fitsipika anaty.

Andininy faha 21 : Ny andraikitry ny Filankevi-pitantanana

Ny andraikitry ny Filankevipitantanana dia :

- Misolo tena ny Fikambanana manoloana ny fanjakana, ny mpiara miombon'antoka ara-teknika sy ny mpanohana ara-bola avy eto an-toerana sy avy any ivelany.amin'ny alalan'ny filohan'ny fikambanana.
- Mamolavola ny Fitsipika anatin'ny Fikambanana
- Manapakevitra na manamarina ny fidirana ho mpikambana, ny fialana tsy ho mpikambana ary ny fanalana tsy ho mpikambana (mandrapiavin'ny Fivoriam-be)
- Mampihatra ny sazy voalaza ao amin'ny Sata sy ny Fitsipika Anaty
- Mamolavola ny programan'asan'ny Fikambanana sy ny teti-bola isan-taona miaraka amin'ny Sekretera Teknika
- Manao ny tatitra ara-bola sy ny tatitry ny asa vita isaky ny fiafaran'ny taom-piasana ary manolotra izany eo anivon'ny Fivoriam-be
- Mitantanana ny Mpiasa ao amin'ny Sekretera Teknika
- **Mandray anjara amin'ny fananganana** ny rejisitry ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana
- Mamaritra ny laha dinika hatao mandritra ny Fivoriam-be
- Mitady famatsiam-bola ho fampandehan-drandraharaha sy fanantanterahana ny asan'ny Fikambanana

Tsy andraisan-karama ny asa na andraikitra atao ao amin'ny Fikambanana. Azo atao kosa anefa ny manolo ny vola lany tamin'ny fivezivezena. Ny fomba hanoloana ny vola lany dia hita amin'ny antsipirihany ao anaty Fitsipika anaty. Ilaina ny taratasy fanamarinana amin'izay rehetra lany ary tsy maitsy anaovana fanamarinana akaiky..

Andininy faha 22 : Ny Rafitra mpanatanteraka

Ny rafitra mpanatanteraka dia ivondronan'ny:

- Sekretera teknika
- Ireo mpiasa ilaina amin'ny fampandehanan-draharahan'ny vondrona mpanatanteraka izay hialohavan'ny Sekretera teknika.

Ny rafitra mpanatanteraka dia tarihin'ny sekretera teknika.

Ny Filankevi-pitantanana no mampiditra ireo mpiasa ao amin'ny Sekretera Teknika.

Ity farany kosa dia tompon'andraikitra manoloana ny Filankevi-pitantanana.

Andininy faha 23 : Ny andraikitry ny rafitra mpanatanteraka:

- Miantoka ny fanatanterahana ny politika ankapoben'ny Fikambanana, miantoka ihany koa ny fanatanterahana ny drafitr'asa ary ireo asa izay voafaritra ao anaty lamin'asany

- Mamolavola sy manao fanitsiana ny fisy fanombanana ny fanajana ny fitsipiky ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana izy ;

- Mamolavola ireo antontan-taratasy fangatahana famatsiam-bola izy araka ny baiko omen'ny Filankevi-pitantanana

- Miantoka ny fanitsiana ny rejisitry ny Fikambanana izay iarahany manatanteraka amin'ny Filankevipitantanana

- Miantoka ny fifandraisana amin'ireo mpiray ombon'antoka ary mitantana ny fampitam-baovao ho an'ny mpikambana tsirairay avy : vaovao mikasika ny mpiray ombon'antoka miasa ao anatin'ny sehatry ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana avy any ivelany.

- Manome torohevitra sy toromarika mikasika ny fanatanterahana ny fanondranana entana izy miaraka amin'ny Ministera misahana ny Varotra ;

- Miantoka ny fiseraseràna ny lisitry ny mpikambana araky ny fangatahan'ireo mpiray ombon'antoka

- Manampy ny mpikambana ary koa ny mpandraharaha avy any ivelany izy amin'ny famolavolana sy famoriana ny antotan-taratasy ilaina amin'ny fanondranana entana miaraka amin'ny Ministeran'ny Varotra.

- Miantoka ny fitantanana ny Label'ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana miaraka amin'ny Filankevi-pitantanana

- Miantoka ny Fizohiana ny fitsipika sy ny fanaraha-maso ny fanajana ny fepetran'ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana ary koa manome ny fanamarinana na ny « certification » izy miaraka amin'ny Filankevi-pitantanana

- Miantoka ny fanomezana ny vaovao mari-pototra sy ilaina ho an'ny mpikambana rehetra

Raha ilaina, ny Fikambanana dia afaka miantso mpanamarina ivelany na « auditeur externe » mba hanao ny fanombanana ny fanarahana ny fepetry ny Varotra ara-dRariny Ifampiantohana
Ny fomba fitantanana ny mpiasa ao amin'ny Sekretera teknika dia ho jerena amin'ny antsipirihany ao anaty Fitsipika anatin'ny Fikambanana nasionaly.

Andininy faha 24 : Ny Rafitra Mpanaramaso

Misy olona telo ao anatin'ny Rafitra mpanara-maso. Fidian'ny Fivoriam-be izy ireo. Ny iray dia solotena avy amin'ny mpikambana mpanohana. Ny asan'ny rafitra mpanaramaso dia :

- manaramaso ny asa ataon'ny Filankevi-pitantanana
- manaramaso ny fanadfaniam-bola eo anivon'ny Fikambanana

Ny fanaraha-maso dia atao matetika ary tsy ara-potoana. Ny andraikitry ny rafitra dia voasoratra ao amin'ny fitsipika anatin'ny Fikambanana nasionaly.

FIZARANA FAHA V – FIDIRAM-BOLAN'NY FIKAMBANANA

Andininy faha 25 : Ny fidiram-bolan'ny Fikambana dia azo avy amin'ny

- Saram-pidirana ho mpikambana
- Latsakemboka izay aloan'ny mpikambana isan-taona
- Fampiasan'ireo mpikambana ny mari-pamantarana
- Fitadiavam-bola amin'ny alalan'ny hetsika samihafa
- Fiahiana, fanomezana avy amin'ny malala-tanana eto an-toerana ary fanampiana avy amin'ny malala-tanana avy any ivelany

Ny sandan'ny sara-pidirana ho mpikambana sy ny latsakemboka isa-taona dia faritana mandritra ny fivoriam-be. Ny fomba fandoavana azy kosa dia efa voafaritra ao amin'ny fitsipika anatin'ny fikambanana.

FIZARANA FAHA VI – FITANTANAM-BOLAN'NY FIKAMBANANA

Andininy faha 26 : Ny volan'ny Fikambanana dia arotsaka manontolo ao amin'ny Kaonty iray na maromaro any amin'ny banky izay nosokafana manokana amin'ny anaran'ny Fikambanana. Ny Kaonty dia asiana fanarahamaso ka ny Fitsipika anaty no mamaritra azy

Andininy faha 27 : Ny Mpitahiry vola ao amin'ny Filankevi-pitantanana dia tsy tokony hitana vola be ao anaty tahirim-bolany ; Vola izay natao hanefana ny fandaniana andavanandron'ny Fikambanana sy hanefana ireo filàna maika.

Andininy faha 28 : Ny fitantanana ny vola eo amin'ny fikiambanana dia efa voafaritra ao amin'ny fitisipika anatin'ny fikambanana na ny drafitra enti-miasa.

FIZARANA FAHA VII– FITANTANANA NY LABEL NA NY MARIKA

Andininy faha 29 : Fampiasana ny Mari-pamantarana

Ny Mari-pamantarana dia marika napetraky ny RTM teo anivon'ny OMAPI. **Ny RTM dia nanome ny Label ho an'ny ANCESM mba ho tantaniny mandritra ny 25 taona taorian'ny fanaovan-tsonian'ny roa tonta mikasika ny fampiasana sy ny fitantanana azy.**

Andininy faha 30 : Ny Fitantanana ny Mari-pamantarana
Ny Label dia tantanin'ny Fikambanana. Ny fampiasan'ny mpikambana azy io dia hamarinina amin'ny alalan'ny fifanarahana eo amin'ny Fikambanana sy ny mpikambana ao aminy na ny Fikambanana sy ny mpiray ombon'antoka hafa maniry hampiasa azy.

Andininy faha 31 : Ny fepetra fampiasana ny Label
Ny fepetra rehetra fampiasana ny Label dia mihatra amin'ny mpikambana rehetra ary izany dia voafaritra ao anaty Fitsipika anaty avokoa.

Andininy faha 32 : Fiarovana ny Label
Ny Fikambanana dia miantoka ny fampiasana ny Label ary mitady ny fomba rehetra mba hiarovana azy eo anivon'ny manam-pahefana voakasiky izany.

Hisy komity manokana manaramaso ny fampiasana ny Label sy miaro azy

FIZARANA FAHA VIII – FANKASITRAHANA SY SAZY MIHATRA

Andininy faha 33 : Ireo fihetsika na asa rehetra izay manohitohina ny hasina sy ny soa toavin'ny Fikambanana dia azo saziana avokoa. Ny fanasaziana dia miatomboka amin'ny fampitandremana am-bava aloha, avy eo an-tsoratra ary mety hiafara amin'ny fanalana (tsy misy fiantrana) tsy ho mpikambana intsony. Ny Fitsipika anaty no mamaritra ny havesatry ny sazy mihatra arakaraky ny fahadisoana sy ny fahasarotan'ny raharaha.

FIZARANA FAHA IX – FANDRAVANA NY FIKAMBANANA

Andininy faha 34 : Ny fandravàna ny Fikambanana
Mandritra ny fivoriam-be tsy ara-potoana no afaka manapa-kevitra ny amin'ny fandravàna ny fikambanana raha toa ka very ny antom-pisiany.

Andininy faha 35 : Fanombanana na famindrana ny fananan'ny Fikambanana

Raha misy faharavan'ny Fikambanana, ny Fivoriam-be dia manendry Tomponandraikitra iray na maromaro hanao ny fanombanana. Ny fananan'ny Fikambanana dia atolotra manontolo izay Fikambanana mitovy tarigetra sy zava-kinendry aminy ka voafidin'ny Fivoriam-be na ihany koa omena fikambanana mpanao asa soa

Ity fanovàna Sata ity dia neken’ny Fivoriambe izay natao teto Antananarivo anio faha 01 Jolay 2011

Ny Filoha, Ny Mpitantsoratra,